REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

| MINISTERE AUPRES DE LA PRESIDENCE EN CHARGE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE | MINISTERE DE L'EMPLOI, DE L'ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE |
|---|---|
| ---------------- | ------------- |

**ARRETE INTERMINISTERIEL N°13.407 /2018**

**portant organisation des examens de Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP EEA) dans les Centres et Etablissements de Formation Agricole et Rurale (CEFAR) Publics et Privés agréés sous tutelle du Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage.**

**LE MINISTRE AUPRES DE LA PRESIDENCE CHARGE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE ;**
**LE MINISTRE DE L'EMPLOI DE L'ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE ;**

- Vu la Constitution;
- Vu la loi n°98-031 du 20 janvier 1998 portant définition des Etablissements Publics et des règles concernant la création de catégories des Etablissements Publics;
- Vu la loi n°2004-004 du 26 juillet 2004 modifiée par la loi n°2008-011 du 20 juin 2017 portant orientation générale du système d'éducation, d'enseignement et de formation à Madagascar;
- Vu le décret n°2011-428 du 02 août 2011 portant structure générale de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle et Organisation des divers types de formation;
-Vu la loi n°2015-040 du 12 Février 2016 portant orientation de la Politique Nationale de l'Emploi et de la Formation Professionnelle (PNEFP) ;
- Vu le décret n°2017-764 du 13 Septembre 2017 modifiant et complétant certaines disposition du décret n°2015-1333 du 28 septembre 2015 portant création des «Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole» (CAFPA) au sein du Ministère de l'Agriculture ;
- Vu le décret n°2016-250 du 10 avril 2016 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2016-265 du 15 avril 2016, modifié et complété par les décrets n°2016-460 du 11mai 2016, n°2017-148 du 02 mars 2017, n°2017-262 du 20 avril 2017, n°2017-590 du 17 juillet 2017, n°2017-724 du 25 août 2017 et n°2017-953 du 12 octobre 2017, portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2015-267 du 03 mars 2015 fixant les attributions du Ministère de l'Emploi de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle ;
- Vu le décret n°2018-008 du 11 janvier 2018 modifiant et complétant certaines dispositions des décrets n°2016-295 du 26 avril 2016 et n°2017-750 du 05 septembre fixant les attributions du Ministre auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage, ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Vu l'arrêté n°29.494/2015 du 18 septembre 2015 appliquant le Référentiel National de diplôme au Métier « Exploitant Entrepreneur Agricole » ;

**ARRETENT :**

**Article Premier** : Le présent arrêté fixe l'organisation des examens de Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP EEA) dans les Centres et Etablissements de Formation Agricole et Rurale (CEFAR) Publics et Privés agréés sous tutelle du Ministère auprès de la Présidence en charge de l'Agriculture et de l'Elevage. Ce Brevet d'Etude Professionnel est un diplôme sanctionnant la fin de la formation au métier « Exploitant Entrepreneur Agricole ».

**Art.2** : Le Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole est délivré à tout candidat ayant subi avec succès les épreuves de l'examen défini par le présent arrêté et ses annexes.

**Art.3** : L'examen de Brevet d'Etude Professionnelle en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP EEA) comporte :

- des épreuves de contrôles en cours de formation (CCF) ; et
- des épreuves d'évaluation finale (EF).

**Art.4** : Les épreuves de contrôle en cours de Formation (CCF) sont réalisées dans les Centres pour chaque capacité à attester.

**Art.5** : Les épreuves d'évaluation finales sont réalisées à la fin du cycle de formation et organisées par la Direction en charge de la Formation Agricole et Rurale du Ministère en charge de l'Agriculture et la direction en charge des examens du Ministère en charge de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle.

**Art.6** : Les épreuves, les grilles d'évaluation, les durées, les notes ainsi que le seuil de réussite pour les épreuves de contrôle en cours de Formation ainsi que les épreuves de l'évaluation finale sont déterminés par le référentiel de certification.

**Art.7** : Peuvent se présenter à cet examen les candidats justifiant la formation du cycle de Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP EEA) dans les Centres Publics et Privés agréés.

**Art.8** : La date de l'examen final ainsi que les dates d'ouverture et de clôture des registres d'inscription sont fixées par voie réglementaire.

**Art.9**: La liste des apprenants autorisés à se présenter à l'examen de Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole (BEP EEA) sera fixée par décision du Ministre chargé de l'Agriculture.

**Art.10** : La comptabilisation des notes des candidats dépend de l'élément d'observation de chaque épreuve dans le Référentiel de Certification.

**Art.11** : Les candidats ayant un point supérieur ou égal au seuil de réussite par épreuve de contrôle en cours de Formation sont déclarés admissibles.

**Art.12** : Les candidats admissibles pour les épreuves de contrôle en cours de Formation peuvent se présenter aux épreuves d'évaluation finale.

**Art.13** : Tout candidat ayant obtenu une note supérieure ou égale au seuil de réussite fixé par le référentiel de certification, pour chaque capacité à attester, est déclaré admis.

**Art.14** : Les candidats n'ayant pas subi avec succès les épreuves de contrôle en cours de Formation devront passer à la remédiation dont l'organisation et la date sont confiées aux centres.

**Art.15** : En cas de non acquisition d'une ou de plusieurs capacités, décrite dans le référentiel de certification, le candidat doit attendre la prochaine session et chaque capacité acquise est conservée.

**Art.16** : Chaque année, le comité de sélection des sujets à l'examen final est fixé par une décision du Ministre chargé de l'Agriculture. Ce comité est présidé, conjointement par le Directeur chargé de la Formation Agricole et Rurale du Ministère en charge de l'Agriculture et le Directeur des Examens du Ministère en charge de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle.

**Art.17** : Le déroulement des travaux de sélection des sujets est à « huis clos ». Les membres de la commission sont moralement et pénalement responsables non seulement de toute fuite de sujet avant le déroulement des examens, mais aussi du secret pour la prise de décision sur le choix des sujets.

**Art.18** : Les désignations des membres du secrétariat à l'examen final, du jury de surveillance, du jury de correction, ainsi que les membres du jury d'admission sont fixées par décision du Ministre chargé de l'Agriculture. Le jury d'admission est présidé conjointement par le Directeur chargé de la Formation Agricole et Rurale du Ministère en charge de l'Agriculture et le Directeur des Examens du Ministère en charge de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle.

**Art.19** : La correction des épreuves, sous couvert de l'anonymat, se déroulera dans un lieu favorable sous la responsabilité du Directeur chargé de la Formation Agricole et Rurale du Ministère en charge de l'Agriculture et du Directeur des Examens du Ministère en charge de l'Emploi, de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle.

**Art.20** : L'examen final du BEP EEA est soumis à la réglementation générale applicable en matière d'examen et de concours. Toutes les manœuvres faites par un candidat dans le but de faciliter son travail sont considérées comme fraudes.

**Art.21** : Tout délit de fraude doit être consigné et expliqué dans les procès-verbaux que tous les membres de jury de surveillances doivent signer.

**Art.22** : Le jury de correction doit tenir pour nulle la valeur de toute ou d'une partie d'épreuve ayant fait l'objet d'une fraude. La mention est portée dans les Procès verbaux (PV) et sur le relevé de note.

**Art.23:** Toutes dispositions contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées.

**Art.24 :** Le présent Arrêté sera enregistré, publié et communiqué partout où besoin sera.

Fait à Antananarivo, le 04 juin 2018

| LE MINISTRE DE L'EMPLOI, DE L'ENSEIGNEMENT TECHNIQUE ET DE LA FORMATION PROFESSIONNELLE | LE MINISTRE AUPRES DE LA PRESIDENCE CHARGE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE |
|---|---|
| TOTO RAHARIMALALA Lydia | RANDRIARIMANANA Harison Edmond |

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISITERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**
**----------------**

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA**
**-------------**

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN'NY MINISITERA LAHARANA FAHA-13.407 /2018**

**andaminana ny fanadinana azahoana ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole*» (BEP EEA) eo anivon'ireo Ivotoerana sy Antokon-draharaha manofana momba ny fambolena sy ny eny ambanivohitra (CEFAR) miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana ankatoavina sy iahin'ny Minisitera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana.**

**NY MINISITRA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA;**

**NY MINISITRY NY ASA, NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA;**

- Araka ny Lalàmpanorenana;
- Araka ny lalàna laharana faha-98-031 tamin'ny 20 janoary 1998 anaovana ny famaritana ny antokon-draharaham-panjakana sy ny fitsipika mikasika ny fananganana sokajin'antokon-draharaham-panjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2004-004 tamin'ny 26 jolay 2004 ovain'ny lalàna laharana faha-2008-011 tamin'ny 20 jona 2008 momba ny fitarihana ankapobe ny rafim-panabeazana, fampianarana sy fampiofanana eto Madagasikara ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-428 tamin'ny 02 aogositra 2011 mikasika ny rafitra ankapoben'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa ary ny Fandaminana ireo sokajim-pampiofanana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2015-040 tamin'ny 12 febroary 2016 momba ny fitarihana ny Politikam-pirenena momba ny Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'asa (PNEFP) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2017-764 tamin'ny 13 septambra 2017 anovàna sy amenoinà ny fepetra sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-1333 tamin'ny 28 septambra 2015 ananganana ny « *Centres d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole* » (CAFPA) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-250 tamin'ny 10 aprily 2016 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2016-265 tamin'ny 15 aprily 2016, ovaina sy fenoin'ny didim-panjakana laharana faha-2016-460 tamin'ny 11 mey 2016, laharana faha-2017-148 tamin'ny 02 martsa 2017, laharana faha-2017-262 tamin'ny 20 aprily 2017, laharana faha-2017-590 tamin'ny 17 jolay 2017, laharana faha-2017-724 tamin'ny 25 aogositra 2017 sy laharana faha-2017-953 tamin'ny 12 oktobra 2017, anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-267 tamin'ny 03 martsa 2015 anondroana ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'asa, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 janoary 2018 anovàna sy amenoinà ny fepetra sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2016-295 tamin'ny 26 aprily 2016 sy laharana faha-2017-750 tamin'ny 05 septambra anondroana ny anjara raharahan'ny Minisitra eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

- Araka ny didim-pitondrana laharana faha-29.494/2015 tamin'ny 18 septambra 2015 ampiharana ny modelim-pirenena momba ny mari-pahaizana mikasika ny asa « *Exploitant Entrepreneur Agricole* » ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO:**

**Andininy voalohany**: Ity didim-pitondrana manaraka ity dia mamaritra ny fandaminana ny fanadinana azahoana ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole*» (BEP EEA) eo anivon'ireo Ivotoerana sy Antokon-draharaha manofana momba ny Fambolena sy ny Eny Ambanivohitra (CEFAR) miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana ankatoavina sy iahin'ny Minisitera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana. Izany « *Brevet d'Etude Professionnel* » izany dia mari-pahaizana manamarina ny nahavitana hatramin'ny farany ny fiofanana amin'ny asa « *Exploitant Entrepreneur Agricole* ».

**And.2:** Ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole*» (BEP EEA) dia omena dia omena ny mpiadina nahomby tamin'ireo fitsapa-pahaizana rehetra izay voafaritra ao amin'ity didim-pitondrana manaraka ity sy ny tovany.

**And.3** : Ny fanadinana azahoana ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole*» (BEP EEA) dia ahitana :

- ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) ; sy
- ny fitsapa-pahaizana fanombanana farany (EF).

**And.4**: Ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) dia tanterahina eny anivon'ireo Ivotoerana ho an'ny fahaiza-manao tsirairay izay ho hamarinina.

**And.5**: Ny fitsapa-pahaizana farany dia tanterahina amin'ny fiafaran'ny fampiofanana ary iandraiketan'ny Foibem-pitondrana misahana Fampiofanana momba ny Fambolena sy ny Eny Ambanivohitra eo anivon'ny Minisitera misahana ny Fambolena, sy ny Foibem-pitondrana misahana ny Fanadinana eo anivon'ny Minisitera misahana ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa ny fandaminana izany.

**And.6:** Ny fitsapa-pahaizana, ny tondrom-panombanana, ny faharetany, ny isa, ny taham-pahafahana amin'ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) ary ny fitsapa-pahaizana farany dia faritan'ny modelim-panamarinana.

**And.7** : Afaka miatrika io fanadinana io, ny mpiadina afaka manamarina ny nahavitana ny fiofanana ahazoana ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole* » (BEP EEA) eo anivon'ireo Ivotoerana miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana nahazo fankatoavana.

**And.8** : Ny fotoam-panadinana farany, ny daty fisokafana sy fanakatonana ny rejisim-pisoratana anarana amin'io fanadinana io dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**And.9**: Ny lisitry ny mpianatra nahazo alalàna hiatrika ny fanadinana azahoana ny « *Brevet d'Etude Professionnel en Exploitation et Entreprenariat Agricole* » (BEP EEA) dia ho faritana amin'ny alalan'ny fanapaha-kevitry ny Minisitra misahana ny Fambolena.

**And.10** : Ny fanisana ny isa azon'ny mpiadina dia miankina amin'ny fanamarihana momba ny fitsapa-pahaizana tsirairay ao amin'ny modelim-panamarinana.

**And.11** : Ny mpiadina nahazo ny salan'isa mihoatra na mitovy amin'ny ny taham-pahafahana amin'ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) dia ambara fa voaray.

**And.12** : Ny mpiadina voaray amin'ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) dia afaka miatrika ireo fitsapa-pahaizana farany.

**And.13** : Ny mpiadina nahazo ny salan'isa mihoatra na mitovy amin'ny ny taham-pahafahana izay voafaritry ny modelim-panamarinana, ho an'ny fahaiza-manao tsirairay izay ho hamarinina, dia ambara fa voaray.

**And.14** : Ny mpiadina rehetra tsy nahomby tamin'ny fitsapa-pahaizana mandritra ny Fampiofanana (CCF) dia tsy maintsy mamerina ny fanadinana ka ny fandaminana izany sy ny datiny dia ankinina amin'ireo Ivotoerana.

**And.15** : Raha toa ka tsy nahomby tamin'ny iray na maromaro amin'ireo fahaiza-manao voafaritra ao amin'ny modelim-panamarinana ilay mpiadina, tsy maintsy miandry ny fotoam-panadinana manaraka izy, ary ny fahaiza-manao azo dia ho tanana.

**And.16**: Isan-taona, ny komity mifantina ireo laza adina amin'ny fanadinana farany dia faritana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Minisitra misahana ny Fambolena. Io Komity io dia iarahan'ny Tale misahana ny Fampiofanana momba ny Fambolena ny ny Eny Ambanivohitra avy ao amin'ny Minisitera misahana ny Fambolena, sy ny Tale misahana ny Fanadinana avy ao amin'ny Minisitera misahana ny Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa tarihina.

**And.17**: Ny fizotry ny asa fifantenana ny laza adina dia tsy azo atrehina. Ny mpikambana ao amin'ny Komity misahana ny fifantenana ny laza adina dia tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fivoahan'ny laza adina mialohan'ny fizotry ny fanadinana, ary koa amin'ny tsiambaratelon'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fisafidianana ireo laza adina.

**And.18**: Ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny sekretaria amin'ny fanadinana farany, ny mpanara-maso, ny fitsarana sy ny fandraisana dia ho faritanana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Minisitra misahana ny Fambolena. Ny komity misahana ny fandraisana ireo mpiadina dia iarahan'ny Tale misahana ny Fampiofanana ara-pambolena sy ny Eny Ambanivohitra eo anivon'ny

Minisitera misahana ny Fambolena, sy ny Tale misahana ny Fanadinana eo anivon'ny Minisitera misahana ny Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa tarihina.

**<u>And.19</u>** : Ny fitsarana ny fitsapa-pahaizana, fehezin'ny tsy fitononana ny anarana, dia tanterahina eo anivon'ny toerana mifandraika amin'izany, izay iandraiketan'ny Tale misahana ny Fampiofanana ara-pambolena sy ny Eny Ambanivohitra eo anivon'ny Minisitera misahana ny Fambolena, sy ny Tale misahana ny Fanadinana eo anivon'ny Minisitera misahana ny Asa, ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana Arak'Asa.

**<u>And.20</u>**: Ny fanadinana farany amin'ny BEP EEA dia fehezin'ny fitsipika ankapobe ampiharina amin'ny fanadinana sy fifaninanana. Ny hetsika rehetra ataon'ny mpiadina mba anamoràna ny asany dia raisina ho heloka bevava momba ny hosoka.

**<u>And.21</u>:** Izay mety ho heloka bevava momba ny hosoka dia tsy maintsy raiketina sy azavaina ao anatin'ny fitànana an-tsoratra izay soniavin'ireo mpikambana ao amin'ny mpiara-mitsara manara-maso.

**<u>And.22</u>:** Ny mpiara-mitsara izay mitsara dia tsy maintsy mihazona ho aotra ny fitsapa-pahaizana rehetra na amin'ny ampahany izay nanaovana hosoka. Ny fanamarinana dia raiketina ao anatin'ireo fitànana an-tsoratra sy ny fandraiketana ny isa.

**<u>And.23</u>:** Ny fepetra rehetra aoriana sy mifanohitra amin'izay voalazan'ity didim-pitondrana manaraka ity dia foanana ary foana tanteraka.

**<u>And.24</u>:** Ity didim-pitondrana manaraka ity dia ho raiketina, avoaka sy ampahafantarina n'aiza n'aiza raha ilaina.

Natao teto Antananarivo, ny 04 jona 2018